ALAHADY PAKA V - TAONA D2022



« Didy vaovao no omeko anareo, dia izao : Mifankatiava » (Jo. 13 : 34) »

Ry Kristianina havana, araky ny efa naverimberintsika, isaky ny Alahady dia atolotry ny Eglizy amin'ny alalan'ireo vakiteny ny endrik'i Kristy, ny toe-piainany sy ny toe-panahiny izay ho sakafom-panahintsika sy ho banjinintsika ary indrindra hiainantsika ka hahatonga antsika ho OLON-DEHIBE AMIN'NY FINOANA, zary ho mpiara-belona amin'olona satria isika izao no Kristy velona, Kristianina mpanara-dia an'i Kristy. Izany ny vokatry ny Paka ka hahatonga antsika ho EOV manorina ETA dia ilay tranobe iombonana ka hahatonga antsika ho taranaka mpanorina hizara sy hamafy fanantenana ary ny fiadanana. Azontsika ognona tsara ny anton'ny hanaovantsika izao Sinaody izao mba hahaizantsika hamahatra tsara amin'ny finoantsika na dia tsy lavorary fa efa miroso amin'ny fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro.

Vakiteny I : Asa 14, 20b-26
Tononkira : Salamo 144
Vakiteny II : Apôk. Apôk. 21, 1-5a
Evanjely : Jo. 13, 31-33a

Amin'izao Alahady faha-5 ny Paka izao dia i Jesoa foto-boaloboka araka ny filazantsika mahazatra antsika no banjinintsika. Raha ny marina anefa Jesoa voaloboka no fiteny ary isika no rantsany. Io no foto-pampianarana tian'ny Eglizy ho tsapantsika. Ho tena apôstôly mifikitra amin'i Kristy no tanjona. Raha tena apôstôly marina tokoa dia tahaka ny rantsan'ny voaloboka ka mamokatra be ka zary

hafaliana ny fiainantsika. Paka mitondra hafaliana sy fiadanana feno fanantenana. Tian'ny Eglizy miainga amin'ireo vakiteny telo ireo isika fa indrindra avy amin'ny evanjely izay miresaka mikasika ny fanoharana nataon'i Jesoa dia ny voaloboka izay tsy iza fa Andriamanitra. Raha nandinika ireo toetra fototra hafa isika hatreto dia tian'ny Eglizy ho tsapantsika fa tsy hamokatra ireo toetra voalaza taloha ireo RAHA TSY MIRAY MITOETRA AO AMIN'NY FOTOTRA ISIKA DIA I JESOA.

Amin'ny vakiteny voalohany voalaza fa Andriamanitra no fototry ny voaloboka ary isika vahoaka no rantsany. Velona tokoa ao amin'i Kristy isika. Izany no Paka vaovao ho antsika ary fampianarana lehibe ho antsika izany. Ny tenin'i Jesoa ao amin'ny evanjely manao hoe "mitoera ao amiko ary izaho hitoetra ao aminareo, amin'izay ianareo hamokatra be, ho feno sy lavorary ny hafalianareo, ny sampana izay tsy miray amin'ny voaloboka tsy mahazo mamoa, ary toy izany koa ianareo raha tsy mitoetra ao amiko". Aoka àry hitoetra ao amin'i Jesoa isika mba hamokatra be.

Inona moa ny dikan'izany ?

Alohan'ny resaka rehetra dia tsara ny manipika fa tsy misy olona tsy te hamokatra ary hamokatra be sady tsara. Ambaran'I Jesoa amintsika ny lalana mizotra amin'izany dia ny fitoerana ao Aminy izany hoe amin'ny alalany, sy miaraka Aminy ary ao Aminy isika no afaka mamokatra.

Mitoetra ao amin'i Jesoa isika raha manana ny fiainana tahaka an'i Jesoa, manahaka ny fiainan'i Jesoa isika izany hoe ny ainy no mamelona antsika satria miray Aminy isika tahaka ny rantsana miray amin'ny vatana. Miray Aminy isika raha manatanteraka ny sitrak'Andriamanitra tahaka Azy. Manatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra isika raha manao ny marina, mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, mizara fitiavana, mampanjaka ny fifankatiavana, manatanteraka mandrakariva ny fiombonana amin'I Jesoa…. Raha izany no ataontsika dia mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro isika izay mampitondra antsika hanana fiainana mamokatra ary mamokatra be.

Inona tokoa moa no dikany ho eo mamokatra, mamokatra be… ?

Tsara ny manipika fa tsy araka ny fomba fijeren'izao tontolo izao izay mifototra amin'ny vokatra ara-nofo izay miteraka fitiavan-tena, avonavona, fialonana… Fantatra ihany koa ny vokany ireo izay tsy inona fa herisetra, fanilikilihana, ady… Tsy io no vokatra andrasana eto vokatra araka ny fomban'Andriamanitra izany hoe miteraka fivelarana ny mahaolona manontolo sy olon-drehetra. Mitondra fiadana sy fahasambarana maharitra. Anisan'ny vokatra ny maha-taranaka mpanorina fa tsy sanatria taranaka mpandrava. Ny rantsana tsara dia mamafy fanantenana sy fiadanana eo amin'ny mpiara-belona fa ny rantsana izay tsy mitoetra ao amin'i Jesoa dia tsy mamoa. Diovin'i Jesoa tsikelikely isika, fantantsika fa olombelona isika miloloha lanitra, mandia tany ka mety ho solafaka ka noho izany dia mora mivadibadika isika, tsy araky ny sitrak'Andriamanitra no ataontsika ka manjary mivaona isika.

Io indrindra no ananaran'i Jesoa antsika miatrika ireo sedra maro isan-karazany ireo, ho zary fanadiovan'i Jesoa ny fiainantsika fa ho an'ireo izay tsy mety diovina kosa dia lasa maina ka tsy mamokatra ka izay no mahatonga azy ariana any amin'ny toerana izay misy fikatroha-nify hoy i Jesoa, any amin'ny afo ka may lasa maty. Ny kakazo maty dia midika tsy azo atao inona intsony.

Ry Kristianina havana amin'izao Alahady faha-5 amin'ny Paka izao dia miroso ny diantsika mivelona ny maha Kristianina mpiara-belona isika, miezaka isika ho EOV ka ambaran'i Jesoa amintsika fa

tokana ny làlana hahatonga antsika ho olona velona araka ny teny fanevan'ny Sinaody faha-7 izay iombonantsika amin'ny Sinaody faha 16 : EGLIZY OLO VELONA VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA KA ZARY TABERNAKLA VELONA. Raha isika mitoetra ao aminy, mifikitra ao aminy, mivahatra ao aminy, dia ny angôvony no entintsika miatrika ny fiainana. Raha atao teny hafa ny atao hoe "mitoetra ao amin'I Jesoa" dia midika Tabernakla.

Izany koa no ambaran'ny vakiteny voalohany andrenesantsika ny tantaran'i Md Paoly izay fantantsika fa tsy isan'ireo 12 lahy apôstôly izy fa nisehoan'i Jesoa teny amin'ny làlan'ny Damasy. Manambara izany fa tsy mifidy olona Andriamanitra fa ny tadiaviny dia isika hibebaka ka manjary mpiara-miasa akaiky Aminy. Niakatra tany Jerosalema i Paoly hanadihady ny fomba mety hitoriana ny evanjely. Izany koa no ataontsika amin'izao Sinaody izao. Mifampitraotra isika, mifampizara ny expérience mba hamakafaka ny fiainantsika, ny fiainan'ny Eglizy tahaka ireo tany Jerosalmea. Inona marina ny maha Eglizy Kristianina Katolika antsika.

Katolika aho raha mandalina ny finoako, Katolika aho raha mandray an-tànana izay inoako, Katolika aho raha mivelona ny finoako, Katolika raha mankalaza ny finoako amin'ny alalan'ny litorjia, Katolika aho raha mizara ny finoako. Izany no nataon'ireo mpianatra, izany no nahatonga an'i Paoly sy Barnabe nankany Jerosalema, hijery izay fomba hivelomana ny finoana izany, tahaka ny nataontsika amin'izao Sinaody izao.

I Md Joany kosa amin'ny vakiteny faharoa mananatra antsika fa ny tena hoe mitoetra ao amin'i Kristy, mivahatra amin'i Kristy dia isika mifankatia izany hoe ao anatin'ny fahamarinana, ao anatin'ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny, ao anatin'ny fikatsahana ny soa iombonana, ao anatin'ny fivelaran'ny fampitrahaofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Mitoetra amin'I Kristy isika raha zary Olo Araiky, Fratelli Tutti, Mpiray Tampo ao amin'I Kristy satria samy miray amin'ny voaloboka. Io fijoroana ho Fratelli Tutti, ho Olo Araiky Isika Jiaby io no vokatra misongadina amin'ny fiombonantsika amin'I Jesoa, ny maharantsana antsika.

Aoka isika hivahatra mandrakariva amin'i Kristy raha tiantsika hamokatra ny fiainantsika. Mitoetra amin'I Jesoa isika raha mifankatia. Tsy hoe "didy vaovao" izany hoe fa ny mahavaovao azy dia nasehoan'I Jesoa tamin'ny fiainana ary ary io no hany lalana mahatonga antsika hitoetra amin'I Jesoa.

Ry Jesoa Tompo ô, nampianarinao izahay fa ny fifankatiavana no hahafantarana fa tena mpianatrao izahay ary izay no hahafantarana fa mivahatra ao aminao tokoa izahay. Ampio àry izahay hanana an'ilay fitiavana niainanao ka hahatonga anay koa ho vavolombelona eo amin'ny fiainanay, hahatonga anay hivahatra ao aminao ka ho sampana mamoa izany hoe Eglizy Olona Velona miombona ka mandray an-tanana zary Tabernakla velona irahina hanorina ny Tranobe Iombonana, irahina hanorina Eglizy Tranon'Andriamanitra, hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Ry Maria Renin'I Jesoa, ianao no modely ho anay ka matoky izahay fa hampianatra anay ianao ary tsy vitan'ny mampianatra ihany fa hivavaka ho anay mba hiray amin'I Jesoa mandrakariva. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy eran-tany ampio izay mba ho sampana miray amin'I Jesoa ka ho sampana mamoa fa tsy sanatria sampana zary atao hazo maty. Amen

Mompera Arseveka Benjamin Ramaroson